cl 13/05/25
5e PV
PV no 28
56

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA
---------------

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION
-----------------
SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES
-----------------

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-28

**LANONAM-PANOKAFANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2025**

Fivoriana voalohany
Natao ny
Talata 6 mey 2024
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah
- Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert

**FOTOANA:** Talata 6 Mey 2025, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

Fanamarihana : Firedonana ny Hiram-pirenena no nanombohana ny lanonam-panokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

Rehefa izany, niredona ny hira fanevan'ny Andrimpanjakana indray ny Antoko mpihiran'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory.

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

- Lakolosy -

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy;
Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, amin'ity taona 2025 ity izao.

Iangaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

**- 2 -**

**- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -**

**Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Isaorantsika ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny andininy faha-75 tao amin'ny Lalàmpanorenana izay.

Hiroso amin'ny kabary fanokafana ny lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, amin'ity taona 2025 ity isika amin'izao fotoana izao.

**- 3 -**

**- Kabary nataon'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Andriamatoa FILOHA**
Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;
Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;
Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahoaka namana hajaina;
Ramatoa sy Andriamatoa isany Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta;
Andriamatoa Mpanolotsaina Avo misolotena ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
Ramatoa Filohan'ny Fitsarana Avo;
Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;
Andriamatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;
Ramatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona;
Ramatoa Ben'ny Tanàna Lefitry ny Kaomininan'Antananarivo Renivohitra;
Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny Filankevitry ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;
Ianareo Sekretera Jeneraly rehetra manatrika etoana;
Ianareo mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa izay misy eto amin'ny tany sy ny firenena;

Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy izay manatrika eto.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ankafaliana sy ankaravoana indray no iarahabana antsika rehetra vory etoana, manolona izao fotoan-dehibe fanokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany, fanaon'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2025 ity izao.

Isaorantsika mandrakariva Andriamanitra nanome ny andro androany sy nitantana ny diantsika rehetra ka tonga soa aman-tsara amin'ity Lapan'i Tsimbazaza ity amin'izao fotoana izao.

Izahay moa manina ka nanafatra, ianareo koa nanaja ka tonga; koa araka izany dia vorona mifandray tendro isika ka sioka tokana dia mahavory.
Koa mankasitraka Tompokolahy,
Mankatelina Tompokovavy.

Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka,
Ianareo vahiny manan-kaja isan-tsokajiny izay manatrika etoana.

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Koa satria nisy ny Fivoriana An-tampony Fahadimy ny Vaomieran'ny Ranomasimbe Indiana na ny "Cinquième Sommet de la Commision de l'Océan Indien" natao teto Antananarivo-Madagasikara tamin'ny faha-24 Aprily 2025 lasa teo iny; tiako etỳ ampanombohana amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena ny mitondra ny teny fiarahabana sy fisaorana ho an'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa hajaina Andry RAJOELINA sy ny Governemanta Malagasy izay tarihan'Andriamatoa NTSAY Christian, satria fahombiazana tanteraka no hita sy tsapa nandritra iny fihaonana an-tampony natao teto amintsika iny. Nizotra soa aman-tsara ny fivoriana, nampiseho fahendrena ny vahoaka Malagasy ary nilamina sy nadio ihany koa ny tanànan'Antananarivo Renivohitr'i Madagasikara.
Ny andrasan'ny vahoaka amin'izao, ankoatra ny fanatanterahana ireo fifanarahana maro samihafa izay nosoniavina ireny dia ny hitohizan'ny fahadiovana sy filaminana eto amin'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra izay efa natomboka sy nohamafisina tamin'ny fotoana nandraisana ny fihaonana an-tampon'ny COI iny.

Eo amin'ny resaka iraisam-pirenena indray, iarahantsika mahita ny zava-misy amin'izao fotoana izao mikasika ny fepetra izay raisin'ny fanjakana Amerikana eo amin'ny fifanakalozana ara-barotra, ny fanapahana ny famatsiam-bola samihafa amin'ireo tetikasa mahazatra, eo ihany koa ny ady samihafa amin'ny samy firenena toy ny any "Russie" sy "Ukraine", ny any Israely sy Palestina, ny any amin'ny RDC sy "Rwanda" izay samy misy fiantraikany amin'ny fiainan'izao tontolo izao sy eto Madagasikara, ka tokony hasiana fandinihana tsara sy handraisana fepetra ihany koa eto anivon'ny firenentsika mba hampihena ny fiantraikan'izany rehetra izany amin'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy.

Tsy hivalapatra amin'izany anefa ny tenako fa mbola hisy fotoana hidirantsika amin'ny antsipiriany momba izay rehetra izay mandritra ny fivoriana ara-potoana atao eto amin'ity Andrimpanjakana ity.

Izao kosa, hiditra amin'ireo asa nisongadina teto amin'ny Antenimierampirenena taorian'ny fotoam-pivoriana farany teo ny tenako:
- Tamin'ny 15 Janoary 2025, nanatrika ny fametrahana tamin'ny fomba ofisialy ny Filohan'i Mozambique vaovao, SEM Daniel Francisco CHAPO, ny Filohan'ny Antenimierampirenena izay nisolo tena ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

- Tamin'ny 29 Janoary 2025, nanolotra ny Drafitra Fampandrosoana ho an'ny taona 2024-2026 teo anivon'ny « Forum Parlementaire de la SADC » ny Filohan'ny Antenimierampirenena Malagasy, izay Filohan'izany Vondrona izany amin'izao fotoana izao.

- Tamin'ny 13-14 Febroary 2025, nandefa solotena ny Antenimierampirenena Malagasy tamin'ny «audition Parlementaire aux Nations Unies» izay natao tao amin'ny foiben'ny ONU tany «New York».

- Tamin'ny 20-21 Febroary 2025, notanterahina tany «Rabat-Maroc» ny andiany faharoa tamin'ny «Forum» nihaonan'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny teo amin'ny Parlemanta Afrikana, izay nandinihana ny lohahevitra mikasika ny fametrahana ny fototra ho an'ny fandriampahalemana eto Afrika. Nandray anjara tamin'izany ny Antenimierampirenena.

- Tamin'ny 10 Martsa 2025, noho ny fanasan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Indiana na ny Filohan'ny «Lok Sabha» dia namita iraka tany «New Delhi» tany «Inde» ny Solombavambahoaka Malagasy miisa sivy, izay notarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena.

- Ny 10-21 Martsa 2025, nandray anjara tamin'ny Vaomiera faha-69 momba ny satan'ny vehivavy (CSW69) notanterahina tany « New York » ny Antenimierampirenena Malagasy.

Tao koa ireo Fivoriana tamin'ny alalan'ny ampitain-davitra (Visio conference):
- Ny 13 Febroary 2025, notanterahina teto amin'Antenimierampirenena ny fihaonana ampitain-davitra faharoa teo amin'ny Parlemantera Rosiana sy Malagasy.

- Ny 19 Febroary 2025, nanofana fampitan-davitra ho an'ny Parlemantera sy ny teknisianan'ny Parlemanta eo anivon'ny Vondrona Parlemanteran'ny SADC ny "Trade Law Center" (TRALAC) izay fikambanana miorina any Afrika Atsimo mamolavola ny teknika mikasika ny fahaiza-manao amin'ny fitantanana varotra manerana an'i Afrika.

Efa miresaka asa vita teto anivon'ny Antenimierampirenena ihany isika dia tao koa ireo Atrikasa sy Fiofanana isan-karazany izay natrehina:
- Tamin'ny 11-12 Febroary 2025, namolavola Drafitra Stratejika ho Fampandrosoana ny Antenimierampirenena ho an'ny dimy taona manaraka ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena. Fotoana nametrahana ireo vina hanatsarana ny Andrimpanjakana ary koa hanamafisana ny fifandraisana amin'ny vahoaka.

- Tamin'ny 26 Februoary 2025, momba ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, nisy ny fametrahana ireo tanjona kendrena hiadiana amin'izany, nisy atrikasa nosokafan'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ka nandray anjara tamin'izany ny Solombavambahoaka solotenan'ny Antenimierampirenena sady mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana Nasionalin'ny Fanjarian-tsakafo.

- Tamin'ny 19 Martsa 2025, nandray ny fivoriana nentina nandinihana ny famatsiam-bola ho an'ny tanjona momba ny toetr'andro sy ny fiarovana ny zavaboary ny Antenimierampirenena.

Nisy koa ny fitsidihana ara-pomba fanajana maro samihafa nataon'ireo olo-manan-kaja sy vahiny teto amin'ny Antenimierampirenena nandritra iny fotoana tsy nisian'ny fivoriana iny, ka misy vitsivitsy hotanisaiko ireto:
- Ny Filohan'ny komity mamolavola ny Paikadim-pirenena Iadiana amin'ny Kolikoly na ny « Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption » (SNLCC),
- Ny Masoivohon'i « Inde »,
- Ny solotenan'ny PNUD vaovao miasa sy monina eto Madagasikara,
- Ny delegasiona avy amin'ny « Haut Commissariat des Nations Unies pour les Réfugiés » (UNHCR).
- Ny Lehiben'ny Mariboninahi-pirenena Malagasy,
- Ny Minisitry Kolotsaina sy ny Serasera,
- Ireo «moines bouddhistes» Sinoa monina eny Andranovelona, Distrikan'Ankazobe.
- Ny delegasiona Sinoa nahitana ireo mpandraharaha ary olom-panjakana izay notarihin'ny Filoha Lefitry ny «Association du peuple Chinois pour l'amitié avec l'étranger»,
- Teo ihany koa ny fitsidihan'ny delegasiona avy amin'ny "ACAT Madagascar" sy ny "Fédération Internationale des Actions des Chrétiens pour l'Abolition de la Torture" (FIACAT)
- Ny Masoivohon'i Koreana Atsimo.
- Farany, nisy ny fitsidihana nataon'ireo enina mianadahy voafantina hisolotena an'i Madagasikara amin'ny «Parlement Régional des Jeunes de l'Indianocéanie» na ny "PRJIO".

Anisan'ny nisongadina koa ny fiatrehan'ny delegasiona parlemantera Malagasy izay notarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena momba ny fihaonana an-tampony iraisam-pirenena tany « Séoul, Corée du Sud » mikasika ny fitoniana sy ny fandriampahalemana manerana izao tontolo izao na ny «Sommet International sur la Paix», ny 10 ka hatramin'ny 14 Aprily 2025.
Natsangana nandritra iny fivoriana iny ihany koa ny «Conférence Interparlementaire des Présidents des Parlements» izay hisehatra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fametrahana ny fandriampahalemana maharitra manerana izao tontolo izao.

Ny 28 Aprily 2025 kosa, nisokatra tao « Windhoek », renivohitr'i « Namibie » ny fivorian'ny Komity Mpanatanteraka ao amin'ny « Forum Parlementaire de la SADC » na ny « Comité Exécutif du Forum Parlementaire de la SADC». Ny Filohan'ny Antenimierampirenena Malagasy no nitarika izany sady izy koa no Filohan'ny « Forum Parlementaire de la SADC (FP-SADC) » amin'izao fotoana izao.
Anisan'ny zava-dehibe norehasana nandritra io fivoriana io ny fanafainganana ny fanovàna ny « Forum Parlementaire de la SADC » ho « Parlement Régional ».

Farany, izay tsy heverinay ho maivana akory dia mihamitombo hatrany ny isan'ny mpianatra mitsidika, liana amin'ny asan'ny Antenimierampirenena izay mahavelom-bolo tokoa amin'ny fanomanana ireo tanora hiatrika ny raharaham-pirenena.

Ny antsipirian'ireo rehetra ireo dia azontsika jerena ao amin'ny tranonkalan'ny Antenimierampirenena satria tsy ho ampy ny fotoana raha hotanisaina eto daholo ny zavatra natao nandritra ny fotoana tsy nisian'ny fivoriana ara-potoana.

Raha mikasika ny fiainana andavan'andron'ny mponina kosa, ny Antenimierampirenena dia ampirisika hatrany ny Governemanta sy ny tomponandraikitra samihafa hanamafy sy hanatsara ny ezaka efa ataonareo amin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana izay mampitaraina ny vahoaka; eo ihany koa ny resaka fahatapahan-jiro amin'ny toerana sasantsasany. Mankahery sy manohana ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara izahay Solombavambahoaka amin'ny fanatanterahana ireo vina maro samihafa napetrany, indrindra momba ny "sécurité et souverainté alimentaire" izay tena mahaliana sy andrandrain'ny vahoaka Malagasy tokoa.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Raha fehezina izay voalaza rehetra izay dia fankaherezana no atao amin'ny mpitondra sy ny tomponandraikitra, ka hoy izahay hoe: aza kivy fa izay mandeha ihany no vakivaky tongotra.
Tohizo ny asa fampandrosoana ny firenena fa tsy ny fositra akory no tsy ambolem-boavary.

Ny Antenimierampirenena araka ireo santionany efa voalaza rehetra teo ireo dia mandray ny andraikiny feno ary vonona mandrakariva hiatrika ny adidy miandry.
Koa manentana antsika Solombavambahoaka havitrika hatrany amin'ny fiatrehana ny fivoriana.

Mirary soa mandrakariva ho an'ny vahoaka Malagasy. Aoka hosivanina tsara, halaina ambony, halaina ambany ireny hevitra politika misakana antsika tsy hiroso ireny satria fotoana izao hijerena ny harena izay ananantsika sy nomen-janahary antsika hoentina hampandroso ny firenena sy hampiadanana ny vahoaka Malagasy.

Mamerina ny fisaorana ho anareo vahiny manan-kaja noho ny fanotronanareo izao fotoan-dehibe izao. Koa na isika Solombavambahoaka na ianareo vahiny manan-kaja dia samy ho ela velona, ho ela finaritra. Hotahian-janahary sy ho mamy hoditra amin'ny vahoaka ihany koa.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

Ambarako fa misokatra ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

**- 4 -**
**- Fiatoan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy,
Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana, ampahafantarina isika Solombavambahoaka fa rahampitso Alarobia 7 Mey 2025, amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra izay hatao ao amin'ny "Salle BP". Amin'ny 11 ora, atoandro, kosa ny fivorian'ny Diniky ny Filoha ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena. Manentana ny rehetra mba samy hiatrika izay tandrify azy amin'ireo fivoriana ireo.

Miato hatreo ny fivoriantsika.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**